Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

ANDRIAMANITRA MPAMINDRA FO SY MIANTRA, NEFA ANDRIAMANITRA SARO-PIARO AMIN'NY VONINAHINY SY NY FAHAMASINANY!

(*DIEU FAIT GRÂCE, IL EST REMPLI DE COMPASSION; MAIS IL EST UN DIEU JALOUX ET IL EST EXIGEANT POUR SA SAINTETÉ)*

«Izaho TOMPO Andriamanitrao dia saro-piaro amin'ny maha Andriamanitra Ahy. Raha misy olona meloka amin'izany ka mankahala Ahy, dia mamaly azy sy ny taranany hatrany amin'ny zafin-dohalika Aho; nefa kosa amin'izay tia Ahy sy mitandrina ny didiko, dia mamindrafo hatrany amin'ny taranaka faharivo Aho. »*Deoteronomia 5. 9-10*

«Aoka ho fantatrareo fa ny TOMPO Andriamanitrareo no hany Andriamanitra tena Izy. Mitandro ny fanekempihavanany sy ny fitiavany hatramin'ny taranaka faharivo Izy amin'izay tia Azy sy mitandrina ny didiny; fa an-karihary sady tsy an-kitaredretra kosa no amaliany sy andringanany an'izay mankahala Azy.» *Deoteronomia 7.10*

«Mpamindra fo sy mpiantra ny TOMPO, tsy mora tezitra ary be fitiavana. Tsy mba mandevilevy lalandava Izy, tsy mitahiry fahatezerana mandrakizay. Tsy araka ny otantsika no anafaizany antsika, tsy araka ny helotsika no amaliany antsika. Fa tahaka ny haavon'ny lanitra ambonin'ny tany no haben'ny fitiavany amin'izay manaja Azy; tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no hampanalavirany amintsika ny hadisoantsika. Tahaka ny fangoraky ny ray an'ireo zanany no angorahan'ny TOMPO an'izay manaja Azy. Satria fantany ny namolavolana antsika, ka tsaroany tokoa fa vovoka isika. Toy ny ahitra ny androm-piainan'ny olombelona, toy ny voninkazo eny an-tsaha ny famoniny: rehefa tsofin'ny rivotra izy, dia foana ka tsy mahalala azy intsony ny toerany. Fa ny fitiavan'ny Tompo kosa dia hatrizay ka ho mandrakizay amin'ireo olona manaja Azy; ary ny fahamarinany hihatra amin'ny taranaka mandimby, izay mitandro ny fanekem-pihavanany ka mahatsiaro hanatanteraka ny baikony.»*Salamo 103. 9-18*

«Izaho no tena voaloboka; ary ny Raiko no mpamboly. Ny sampana rehetra izay tafaray amiko nefa tsy mamokatra dia esorin'ny Raiko; ary ny sampana rehetra izay mamokatra kosa, dioviny mba hamokatra bebe kokoa. Madio izao ianareo noho ny teny izay nolazaiko taminareo. Aoka hiray amiko hatrany ianareo toy ny iraisako aminareo. Ny sampana tsy afa-mamokatra ho azy raha tsy miray amin'ny voaloboka hatrany; dia toy izany koa ianareo: tsy afa-mamokatra, raha tsy miray amiko hatrany. Izaho no voaloboka; ianareo no sampana. Izay miray amiko hatrany, toy ny iraisako aminy, no mamokatra be; satria raha misaraka amiko ianareo, dia tsy afa-manao na inona na inona. Raha misy olona tsy miray amiko hatrany, dia ariana any ivelany tahaka ny sampana izy, ka mihamaina; ary angonina ireo sampana maina ka atsipy ao anaty afo, dia may. Raha miray amiko hatrany ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay zavatra tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Ny ahazoan'ny Raiko voninahitra, dia ianareo mamokatra be sady tonga mpianatro.» *Jaona 15, 1-8*

Ampahatsiarovina antsika fa ny **fakam-panahy namitahan'ny devoly ny zanak'olombelona ka nahalavo azy tao Edena** dia ny hoe: «Tsy ho faty tsy akory ianareo! Saingy fantatr'Andriamanitra fa amin'ny andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ary **ho tonga tahaka an'Andriamanitra ianareo ka hahalala ny tsara sy ny ratsy»** *Genesisy 3. 4*-4. Io te ho **«tahaka an'Andriamanitra ka hahalala ny tsara sy hy ratsy»** io no **fahotana raiki-tapisaka amin'ny olombelona mandraka ankehitriny**. Sady tsy te ho faty ny olombelona *(- moa tsy ezahina foana ve ny mitady laza (se faire un nom) ka ho tonga «immortel»?-),* no mihevi-tena koa ny olona ho tahaka an'Andriamanitra ka mahalala an'Andriamanitra, noho izany dia mamaritra araka ny sainy fotsiny ny toetran'Andriamanitra sy izay heverina ho tokony hatao hahafaly sy hahazoana sitraka amin'Andriamanitra izy. **Ny fivavahan'ny zanak'olombelona araka ny filàny dia fanaovana mandrakariva an'Andriamanitra ho fitaovana**. Mibahana sy omenalanja ny «izaho» sy ny «heveri**ko**», ka izay no hiheverana an'Andriamanitra. Izany no azo hamaritana ny atao hoe fanompoan-tsampy, na inona na inona endrika isehoan'izany fanompoan-tsampy izany. Tsy ny «fétichisme» (fanomezana hasina manokana zavatra iray heverina ho fitoeran'Andriamanitra), na koa ny «animisme» (fiheverana fa misy toerana na faritra manokana misy an'Andriamanitra) ihany akory no fanompoan-tsampy, fa na inona na inona omentsika olombelona lanja manokana ka maka ny toeran'Andriamanitra, dia samy fanompoan-tsampy avokoa. Tsy mety tsaroantsika olombelona mihitsy fa tsy ny ravinkazo nozairina (vaha olana maimaika) izay vetivety dia halazo sy ho maina akory no hahafa-kenatra sy hamerina ny haja nahariana antsika, fa Andriamanitra irery ihany no tsy maintsy mampiakanjo amin'ny hoditra mba tsy hisehoan'ny fitanjahantsika (*cf. Genesisy 3.7,2*). Tsy misy hoditra azo hatao fitafiana kanefa, raha tsy nisy ra nalatsaka, aina nafoy mba ho sorona. Efa tandindon'ny avotra nataon'i Jesoa Kristy, Andriamanitra nanaiky ho tonga olomlbelona ary nanolotra ny ainy ho sorona ho avotra noho ny fahotantsika izany. Tsy misy fampihavanana antsika amin'Andriamanitra sy famerenana ny voninahitra efa nomena antsika teo amin'ny nahariana kanefa nariantsika noho ny hambom-po te hitovy amin'Andriamanitra, raha tsy amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery ihany. Na dia

ny Fiangonana kristiana aza dia latsaka tao anatin'ny fiheveran-diso araka ny maha-olombelona. Tsy vitsy, hatry ny taloha ka mandraka ankehitriny, ny resy lahatra fa ny asa ataony sy ny fampahorian-tena no hahazoany sitraka eo anatrehan'Andriamanitra. Notoherin'ny Mpanitsy fivavahana mafy izany, ka izay no isan'ny nahatonga an'i Lotera nametaka ireo thèses 95 teo amin'ny varavaran'ny Katedraly tao Wutemberg. Nampiova fo an'i Lotera ny famakiany ny epistily ho an'ny Romana: « Koa ankehitriny dia **tsy misy intsony fanamelohana ho an'izay tafaray amin'i Kristy Jesoa**. Fa ny fanapahan'ny Fanahy Masina, mpanome aina ho an'izay tafaray amin'i Kristy Jesoa, dia nanafaka ahy tsy ho voafehin'ny fanapahan'ny fahotana sy ny fahafatesana. Satria izay tsy vitan'ny lalanan'i Mosesy, noho ny lalana nolemen'ny maha olona mpanota, dia notontosain'Andriamanitra. Voahelok'Andriamanitra ny fahotana tao amin'ny maha olona mpanota fony Izy naniraka ny Zanany, Izay naka ny endriky ny maha olombelona mba hanaisotra ny fahotana.» *Romana 8. 1-3*.

Fa mbola tsy afa-po ihany ny olombelona. Na ny efa kristiana aza, mandeha foana ny sainy ka, na izy mitoky be amin'ny famindrampon'Andriamanitra, koa manaonao foana, ary mirehareha aza ny sasany hoe «tsy ambanin'ny lalàna fa ambanin'ny fahasoavana» *Romana 6. 14*; na izy tsy mety resy lahatra amin'ny famonjena nataon'i Kristy fa mihevi-tena ho diso mandrakariva, tsy mitsahatra mitady famonjena, mivavaka lava hoe «mamelà ny helokay fa mpanota tsy mendrika izahay», dia mampijaly tena amin'ny fanarahana lalàna sy fitsipika heverina fa hahazoany sitraka amin'Andriamanitra sy hanamarinana azy. Tsy vitsy ny mpivavaka miaina mandrakariva amin'ny tahotra fotsiny, fa tsy mety mahita fiadanam-po (serenité). **Ampifangaroin'ny olona maro, ny maro amin'ny kristiana indrindra aza, ny heloka sy ny fahotana (faute et péché**). Ny «heloka» na «fahotana» dia ateraky ny fandikan-dalàna takian'ny fiaraha-monina, tsy maintsy misy fitsarana sy fanamelohana, fa ny «fahotana» kosa dia noho ny fikomiana amin'Andriamanitra, fisarahana amin'Andriamanitra, ary indrindra indrindra ny tsy finoana. **Ny heloka dia mila fivalozana, fifonana, fa raha tsy izany dia iharan'ny sazy sy ny famaizana. Ny fahotana kosa dia mitaky fibebahana, fiverenana amin'Andriamanitra, ary fetezana mba hamboarina sy hahitsin'Andriamanitra**. Asan'Andriamanitra manokana fa tsy araka ny ataontsika amin'ny maha olombelona antsika ny fanavotana antsika ho afaka amin'ny fahotana

«Izaho TOMPO Andriamanitrao dia saro-piaro amin'ny maha Andriamanitra Ahy. Raha misy olona meloka amin'izany ka mankahala Ahy, dia mamaly azy sy ny taranany hatrany amin'ny zafin-dohalika Aho; nefa kosa amin'izay tia Ahy sy mitandrina ny didiko, dia mamindrafo hatrany amin'ny taranaka faharivo Aho. »*Deoteronomia 5. 9-10*.

Ny lalàna rehetra dia natao ho arofanina, hitaiza mba tsy hanaonao foana fandrao ho lavo amin'ny fahotana (fisarahana amin'Andriamanitra). Tahaka ny nandraran'Andriamanitra tao Edena mba tsy hihinanana ny voan'ny hazo teo afovoan'ny saha ny lalàna no endrika hanehoana ny lalàna. Mampitandrina Andriamanitra mba tsy hahafaty antsika. Hazavain'ny tenin'Andriamanitra mazava tsara fa «Satria fahafatesana no tambin'ny fahotana...»*Romana 6. 23*. Fampahatsiarovana antsika fa **hafa Andriamanitra ary hafa isika**: « Aoka ny olon-dratsy

handao ny fanaony, ary ny mpanao ratsy hahafoy ny heviny. Aoka hiverina amin'ny TOMPO ireny fa hamindra fo aminy Izy. Aoka hiverina amin'Andriamanitsika ireny fa hihoa-pampana ny famelan-keloka homeny azy.Teny hentitry ny TOMPO izao: «Ny hevitro tsy hevitrareo ary ny lalanareo tsy mba lalako. Tahaka ny haavon'ny lanitra amin'ny tany no haavon'ny lalako amin'ny lalanareo sy haavon'ny hevitro amin'ny hevitrareo » » *Isaia 55. 7 9*. Hamafisin'ny tenin'Andriamanitra voalaza ao amin'ny Deoteronomia 5 ny maha «saro-piaro an'Andriamanitra amin'ny maha Andriamanitra Azy». Ny takian'Andriamanitra voalohany amintsika dia ny fitiavana Azy tahaka ny itiavany antsika, ka endriky ny fanehoam-pitiavana Azy dia ny fitandremana ny didiny. «Aoka ho fantatrareo fa ny TOMPO Andriamanitrareo no hany Andriamanitra tena Izy. Mitandro ny fanekempihavanany sy ny fitiavany hatramin'ny taranaka faharivo Izy amin'izay tia Azy sy mitandrina ny didiny; fa an-karihary sady tsy an-kitaredretra kosa no amaliany sy andringanany an'izay mankahala Azy.» *Deoteronomia 7.10*.

Raha miteny ny didin'Andriamanitra isika dia mahatsiaro avy hatrany ny resaka nifanaovan'ny Tompo Jesoa Kristy tamin'ny Fariseo iray nanatona Azy, araka ny *Matio 22. 36-40*: « Mpampianatra o, inona no didy lehibe indrindra ao amin'ny lalana? Dia hoy i Jesoa taminy: Tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo, ary amin'ny sainao manontolo. Izany no didy lehibe indrindra sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka ny voalohany ihany, dia izao: Tiavo ny namanao tahaka ny itiavanao ny tenanao. Ireo didy anankiroa ireo no ifaharan'ny lalanan'i Mosesy manontolo sy ny fampianaran'ny mpaminany. » Mazava tsara araka io valintenin'ny Tompo io fa ny ifaharan'ny didy dia ny FITIAVANA. Miainga avy amin'ny fitiavana no hanaovana ny tsara mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, fa tsy amin'ny fanarahan-dalàna ety ivelany fotsiny tahaka ny nataon'ireo Fariseo sy Mpahay lalàna niara-belona tamin'ny Tompo. Ilay tovolahy mpanankarena iray nanatona ny Tompo ka nanontany Azy: « Mpampianatra o, inona no tsara tokony hataoko hahavelona aina ahy mandrakizay? Dia hoy i Jesoa taminy: Nahoana Aho no anontanianao ny amin'izay tsara? Tokana no tsara tapitra ohatra. Raha te hiroso amin'ny fiainana kosa ianao, dia tandremo ny didy! » *Matio 19. 16-17*, te hanamarin-tena taorian'ny namalian'ny Tompo azy, kanefa nampian'ny Tompo hoe: « Raha te ho velona aina tanteraka ianao, ndeha amidio ny fanananao ka zarao amin'ny mahantra ny vidiny, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; raha efa izany, dia avia hiaraka amiko! » *and. 21*. Fantatr'Andriamanitra tsara ny tsy fahatanterahantsika olombelona, ka mamindra fo Izy, dia araka ny voalazan'ny mpanao salamo hoe: «Mpamindra fo sy mpiantra ny TOMPO, tsy mora tezitra ary be fitiavana. Tsy mba mandevilevy lalandava Izy, tsy mitahiry fahatezerana mandrakizay. Tsy araka ny otantsika no anafaizany antsika, tsy araka ny helotsika no amaliany antsika. Fa tahaka ny haavon'ny lanitra ambonin'ny tany no haben'ny fitiavany amin'izay manaja Azy; tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no hampanalavirany amintsika ny hadisoantsika. Tahaka ny fangoraky ny ray an'ireo zanany no angorahan'ny TOMPO an'izay manaja Azy. Satria fantany ny namolavolana antsika, ka tsaroany tokoa fa vovoka isika. Toy ny ahitra ny androm-piainan'ny olombelona, toy ny voninkazo eny an-tsaha ny famoniny: rehefa tsofin'ny rivotra izy, dia foana ka tsy mahalala azy intsony ny toerany. Fa ny fitiavan'ny

Tompo kosa dia hatrizay ka ho mandrakizay amin'ireo olona manaja Azy; ary ny fahamarinany hihatra amin'ny taranaka mandimby, izay mitandro ny fanekem-pihavanany ka mahatsiaro hanatanteraka ny baikony.» *Salamo 103. 9-18*. Voalaza mazava tsara ao amin'io Salamo io fa tsy mihatra sy tsaroan'ny olona ny fitiavana sy ny famindrampon'Anriamanitra, raha tsy misy finiavana **hanaja Azy.** Hoy ny fahendren'ny razantsika Malagasy, na dia mbola tsy nahalala an'Andriamanitra marina akory aza izy ireo, hoe : «Aza manao an'Andriamanitra ho azoko am-po». Midika izany fa miseho ho mahalala loatra an'Andriamanitra ka manjary «mandidy mialoha an'Andriamanitra toy ny mpanotrika atody», na koa «manao an'Andriamanitra ho tsy misy ka mitsambiki-mikimpy». Fahendren'ny razana Malagasy izany, fa tsy mifanalavitra loatra ami'ny foto-pinoana ambaran'ny Soratra masina momba ny tokony ho fifandraisantsika olombelona amin'Andriamanitra. Ny fanajana an'Andriamanitra voalazan'ny mpanao salamo etsy aloha dia ny fametrahana elanelana tsy azo ihoarana amintsika sy Andriamanitra, ary fahatsiarovantena fa zava-boaary ihany isika. Hoy ny tenin'Andriamanitra momba izany, hoe : «Lozan'izay sahy manome tsiny ny mpanao azy, kanefa ny tenany dia siny tanimanga toy ny siny tanimanga rehetra ihany! Ny tanimanga ve hanontany ny mpanefy azy hoe:''Inona ity ataonao?''na ny asa vitany hanao aminy hoe: ''Tsy mahay ianao !''» *Isaia 45. 9*.

Tsy afaka am-bavan'ity mpanompon'Andriamanitra iray, Pasteur Daniel RATEFY, nanana ny naha-izy azy teo anivon'ny Fiangonana Protestanta malagasy tamin'ny andro nahavelomany, ny voalazan'ny *Jaona 3. 16-17*, nambarany hoe «Ny votoatin'ny Filazantsara manontolo» : «Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa ho velona aina mandrakizay. Andriamanitra manko tsy naniraka ny Zanany ho eto amin'izao tontolo izao, mba hanameloka an'izao tontolo izao, fa mba hamonjy an'izao tontolo izao amin'ny alalany.» Voasoritra ao anatin'io teny io ilay FITIAVAN'ANDRIAMANITRA loharanon'ny FAMONJENA sy ny FAMINDRAMPON'ANDRIAMANITRA AMINTSIKA OLOMBELONA. Fa mbola soritana bebe kokoa kanefa ny hoe «IZAY REHETRA MINO AZY». Ny finoana izay fanomezana avy amin'Andriamanitra atolony antsika ka TOKONY HORAISINTSIKA no mampisy fiharany amintsika izany fitiavan'Andriamanitra izany. Ny finoana no mahatonga antsika ho tafaray amin'i Jesoa Kristy, ka ohariny amin'ny firaisan'ny sampana amin'ny foto-boaloboka : «Ny sampana rehetra izay tafaray amiko nefa tsy mamokatra dia esorin'ny Raiko; ary ny sampana rehetra izay mamokatra kosa, dioviny mba hamokatra bebe kokoa. Madio izao ianareo noho ny teny izay nolazaiko taminareo. Aoka hiray amiko hatrany ianareo toy ny iraisako aminareo. Ny sampana tsy afa-mamokatra ho azy raha tsy miray amin'ny voaloboka hatrany; dia toy izany koa ianareo: tsy afa-mamokatra, raha tsy miray amiko hatrany. Izaho no voaloboka; ianareo no sampana. Izay miray amiko hatrany, toy ny iraisako aminy, no mamokatra be; satria raha misaraka amiko ianareo, dia tsy afa-manao na inona na inona. Raha misy olona tsy miray amiko hatrany, dia ariana any ivelany tahaka ny sampana izy, ka mihamaina; ary angonina ireo sampana maina ka atsipy ao anaty afo, dia may. Raha miray amiko hatrany ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay zavatra tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Ny ahazoan'ny Raiko voninahitra, dia ianareo

mamokatra be sady tonga mpianatro.»*Jaonq 15, 1-8*. Tsy vitan'ny saina amam-pahalalan'ny olombelona izany, fa itakiana fanetrentena amintsika sy fetezantsika hotarihin'Andriamanitra feno eo amin'ny fiainantsika. Raha miresaka ny momba ny finoana sy ny fetezana ho eo ambany fiahian'Andriamanitra, dia noy ny tenin'Andriamanitra izay fitanisan'ny raiamandreny voalaza etsy aloha, hoe : **«Ary ho an'Andriamanitra Izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika aza, araka ny heriny miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny Fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesoa, manerana ny taranaka rehetra mifandimby sy mandrakizay mandrakizay! Amen.»** *Efesiana 3. 20-21*. Mampianatra antsika indrindra indrindra izany ny hasarobidin'ny fiainam-bavaka sy ny fivelomana amin'ny Tenin'Andriamanitra izay sakafo mamelona ny finoantsika, sy manentana antsika hanao ny asan'Andriamanitra, dia araka ny voalazan'i Jakoba hoe : **«Aoka ianareo ho mpanatanteraka ny teny, fa tsy ho mpihaino fotsiny, ka mamita-tena. Satria raha misy olona mpihaino ny teny, nefa tsy mpanatanteraka, dia tahaka ny mijery ny tarehiny ao anaty fitaratra: eny, mahita ny tena endriny izy, dia lasa ka hadinony miaraka amin'izay ny toe-tarehiny. Fa izay fatra-pandinika ny lalana lavorary, dia ny lalana mitondra fahafahana, ka maharitra amin'izany ary tsy ho mpihaino manadino fa mpanatanteraka an'asa, dia ho sambatra izy amin'izay asa tanterahiny. … Eny, maty ny vatantena raha tsy misy fofonaina, ary maty toy izany koa ny finoana raha tsy omban'asa»** *Jakoba 1. 22-25 ; 2. 26*.

HO VONINAHITR'ANDRIAMANITRA IRERY IHANY!

Brétigny-surOrge, 16 Desambra 2015

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA